## Ny Valosoa sy hadihady

### Filohan'ny Repoblika Rajoelina

# Tsy ray aman-drenin'ny Malagasy rehetra

Nahazo vahana tao anatin'iny volana Aogositra iny ny zaikabe sy ny fihaonana ara-pinoana teo anivon'ny Fiangonana kristiana eto Madagasikara. Tsy azo odian-tsy hita ihany koa ny ady misy eo amin'ny mpino ao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy etsy Ankorondrano. Raha ireo hetsika ara-pinoana ireo no asian-teny dia samy nanana ny hafatra nampitainy ny Raiamandreny ara-panahy. Etsy an-kilany dia mivoy ny fikaonandoham-pirenena ny mpanohitra, ny FFKM sy ny fiarahamonim-pirenena ary ny Vondrona Iraisam-pirenena. Nibahan-toerana teo amin'ny fiainam-pirenena, tato anatin'ny herinandro roa, ny fitifiran'ny zandary ny Malagasy mpiray rà tany Ikongo faritra Fitovinany. Eo amin'ny sehatra ara-pinoana dia nanaitra ny Kristiana Loterana sasany ny nanomezan'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina fiara tsy mataho-dàlana ho an'ny Filohan'ny FLM, sy ny nanolorana vola roapolo tapitrisa ariary ho an'ny Kristiana Tanora Loterana Malagasy (KTLM) nanao Zaikabe tany Mahajanga. Ny Andro Iraisam-pirenenan' ny Tanora (JMJ) tany Antsirabe kosa, na tiana na tsy tiana, dia nanaitra ny maro ny fanomezana avy amin'ny fitondrana ireo fitaovam-pianarana miloko "volom-boasary". Na dia nanambara aza ny Pretra nanokatra ny JMJ, fa tsy misy resaka politika ny momba izany, kanefa ny lokon'ireo fanomezana no mampiseho an-kolaka fa politika ny ao ambadika, satria rehefa misy dian-tànan'ny antoko eo amin'ny fitondrana ny zavatra iray dia hita hatrany ny lokomboasary. Ny tany Toamasina dia nampitain'ny Filohan'ny FJKM tamin'ny tanora niatrika ny Zaikabe ny tsy maintsy handraisan'izy ireo andraikitra eo amin'ny sehatra politikam-pitantanana ny Firenena, kanefa nanamafy ihany koa izy, fa tsy ekena ny fampidirana ny resaka politika mandritra ny hetsika. Ny tsapa ihany koa dia nisy fitongilanana teo amin'ireo fihaonana ara-pinoana telo ireo, satria tsy nisy fandraisana anjara fanohanana avy amin'ny fitondrana ny Fihaonan'ny Tanora FJKM tany Toamasina faritra Atsinanana. Tsy ny fanomezana no zava-dehibe, fa ny fanehoana fa Malagasy ireo nanao fihaonana na ny tany Antsirabe, na ny tany Mahajanga, na ny tany Toamasina, ka tsy azo heverina ary tsy azo ekena raha izay heverina ho ray aman-drenin'ny Malagasy rehetra, no manilika antsisim-bala ny tsy mitovy finoana aminy. Tsy misy tsy mahafantatra fa katolika ny filohan'ny Repobika ary loterana ny filohan'ny Antenimieram-pirenena, tsy misy mahafantatra na misy FJKM ny lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny fitondrana, fa ny filohan'ny mpanohitra, Ravalomanana Marc, no fantatra fa mpino FJKM ka izay, angamba, no anton'ity fitanilàna ity. Nanambara anefa ny filohan'ny Repoblika tany Antsirabe fa "tsy tokony ho zarazarain'ny finoana sy ny fihaviana ary ny loko ny Malagasy". Niteraka fifandonana teo amin'ny samy mpino ao amin'ny Fiangonana Jesosy Mamonjy ihany koa ny resaka fifidianana izay tokony ho toe-javatra ifandaminan'ny samy ao anatiny kanefa dia nidiran'ny rafitra eo anivon'ny fitondrana sy ny depiote, izay nanohana ny an-daniny, milaza fa ara-dalàna ny vokapifidianana. Niafara eny amin'ny fitsarana moa ny raharaha, ka ho hita eo na afaka mitsara ny raharaha toy itony ny ao amin'ity fahefana mahaleotena tsy mandray baiko avy amin'ny fahefana hafa ity. Eo amin'ny sehatra ara-politika dia samy maneho ny maha zava-dehibe ny fikaonandoham-pirenena ny hery velona rehetra eto amin'ny Firenena. Raha ny marina dia tsy tetikady entina hiaraha-mitantana no fonosin'izany fikaonandoha izany, fa fitadiavana izay hisian'ny fifidianana marina sy mangarahara, eken'ny rehetra, no tanjona. Tsy azo lavina fa misy ny elatra mety manan-kevitra hirotsaka ao amin'izao fitondrana izao, kanefa hevi-diso ihany izany, satria hiaraha-maimbo ary tsy hampiova na inona na inona ny firotsahana ao. Ny FFKM raha mitaky izany Fikaonandoha izany dia noho ny fikatsahana ny fampanjakana ny fahamarinana eo amin'ny sehatra rehetra, sy ny fahefana ary ny rafitra rehetra misy eto amin'ny Firenena. Azo heverina kosa fa matoa mitaky fifidianana mangarahara sy eken'ny rehetra ny Vondrona Iraisam-pirenena dia ny mba hisian'ny fitoniana ara-politika, ka ho afaka mampiasa tsy amin'ahiahy ny volany eto izy ireo. Mitaky fanadihadiana parlemantera lalina momba ny raharaha tany Ikongo ihany koa ny mponina avy any an-toerana ary tsy manaiky raha havela ho very an-javony toy ireo tranga namoizan'aina olompirenena tany an-kafa ity raharaha ity. Tsy hampitsangana ny maty tokoa ny fanomezana omby sy fanolorana fanampiana ny fianakavian'izy ireny. Fotoana fandinihana lalina ary handraisana fanapahan-kevitra matotra ny toe-draharaham-pirenena ankehitriny, ka tsy diso anjara amin'izany ny tanora izay misedra olana tokoa eo amin'ny fanabeazana noho ny olana ara-bola amin'ny fisoratana anarana sy ny fividianana fitaovana ho an'ny aty amin'ny ambaratonga voalohany sy faharoa. Mijaly noho ny tsy fandraisana vatsim-pianarana ho an'ny eny amin'ny ambaratonga ambony ary tsy resahina intsony ny tsy fisian'ny asa ho an'ireo manana diplaoma. Tsy hitondra vahaolana ny barofo sy ny fanonganam-panjakana, fa ho avy ny fotoana hanehoana, fa efa feno ny kapoaka ka soa lavo hahay mamindra ary soa kenda hahay mitsako.

***Andry Tsiavalona***

### Raharaham-pirenena

# Aoka mba ho fifidianana marina fa tsy ho fividianana sanatria

Notontosaina ny talata teo teny amin'ny foiben-toeran'ny Ceni Alarobia, ny fifanaovan-tsoniam-piarahamiasa, teo amin'ny CENI sy ny EISA (Institut Electoral pour une Democratie Durable en Afrique ), ho fandavorariana ireo fifidianana ho avy. Fifanomezan-tànana mahasahana lafin'asa maromaro toy ny fanabeazana ireo mpifidy, ny serasera mikasika ireo tsara ho fantatra momba ny fizotran'ny raharaham-pifidianana, ary ny fampiasana manam-pahaizana sy matihanina samihafa mandritra ny zotram-pifidianana, no tena votoatiny, nefa hita foana ny banga sy ny lesoka ao anatiny rehefa misy ny olona maloto saina eo amin'ny mpiaramiasa, indrindra moa avy amin'ireo olon'ny fitondrana mbola manao be fitetika ny hiverina eo amin'ny toerany, mamikitra mafy ny sezany sy mitsipaka mafy ny mpifanina aminy.

Toe-javatra efa hita porofo ny toy izany, izay mahatonga ny maro hilaza hatrany, fa tokony hisy ny fikaonandoham-pirenena eo amin'ny rehetra, mba hanatsarana ny fotoam-pifidianana manaraka eo.

Tsorina fa mafy tamin'ny rehetra ny tsy rariny nataon'ny CENI teo aloha, izay nampiroborobo ny hala-bato sy ny tsy rariny samihafa, toy ny doublons, nefa izao sahady dia efa tahotra sy ahiahy no mianjady amin'ny daholobe, eny fa na dia ny Vondrona Eôrôpeana aza dia mahita izany koa, noho ny CENI sy ny HCC izay akaiky dia akaiky ny fitondrana avokoa raha ny mpikambana mandrafitra azy ireo no jerena.

Ny mifanolo-tànana amin'ny fikambanana vahiny dia fomba fanao avokoa, fa ny asa maizina ataon'ny mpitondra amin'izany dia mety tsy ho hitan'izy ireo, ka mahatonga ny rehetra hilaza tsy ankiato manao hoe: diniho akaiky io lalam-pifidianana tsy rariny io, aza atao ambanin-javatra ny fikaonandoham-pirenena. Aoka ho matotra amin'izao sefo fokontany ovaovaina amin'ny tsy rariny izao, ka mba ho fiFidianana marina, fa tsy fiVIdianana eo indray no hisy sanatria.

***Beharo***



*Ny CENI, rafitra be mpanakiana.*

### Solombavambahoaka TIako i Madagasikara

# Tonga any Ikongo manome fankaherezana ireo niharam-boina

Na sarotra aza ny lalana mihazo ny distrikan'Ikongo noho ny faharatsian'ny lalana, dia tsy nahasakana ireo solombavam-bahoaka TIM izay solotena nalefan'ny filohan'ny RMDM sy ny antoko Tiako i Madagasikara Marc Ravalomanana ho tonga any Ikongo izany, hitondra teny fankaherezana ho an'ireo mpiray tanindrazana any antoerana. Malagasy 30 mahery no nindaosin'ny fahafatesana ary mponina maro no nitondra takaitra vokatry ny vonomoka natao tamin'izy ireo. Nitarika ny delegasiona tamin'izany ny depiote voafidy tao Ambohidratrimo sady sekretera jeneraly faha 2 ny antoko Tiako i Madagasikara Mamy Rabenirina. Avy hatrany dia nitsidika ireo marary tao amin'ny hopitaly izy ireo tamin'izany .ary nitondra izay voatsirambin'ny tanana.

***Helisoa***

### Fanirisoa Ernaivo : Place de la Republique Paris

# Haneho fiaraha-miory amin'ireo natao vonomoka tany Ikongo

Mbola mitohy hatrany ny fanehoan-kevitra manoloana ny vono moka natao tamin'ny mpiray tanindrazana tany Ikongo izay namoizana aina Malagasy efa ho 30 mahery raha ny tatitra azo farany ary naharatràna olona maro . Manoloana izany indrindra dia hisy ny hisy ny hetsika fanehoana firaisan-kina sy fiarahamiory ary fanamelohana ampahibemaso ny famonoana ny vahoaka Malagasy tany Ikongo araka ny antso nataon'i Fanirisoa Ernaivo mitarika ny RMDM DIASPORA . Izany hoy izy dia atao ny sabotsy 10 septambra ho avy izao manomboka amin'ny 2 ora ka hatramin'ny 6 ora , izay marihina fa efa nahazoana alalana tany amin'ny manampahefana tao antoerana . Akanjo mainty no hanaovana amin'io fotoana io , entina ny saina , banderole , pancarte, sifflet ary sarombilany araka ny fanambaràna hatrany.

***Helisoa***

### TIM Boriborintany faha 6

# Namoaka mpianatra 80 mianadahy nahavita fiofanana CALL CENTER

Mitohy hatrany ny asa fanasoavana ataon'ny depiote voafidy tao amin'ny boriborintany faha 6 Todisoa Andriamapandry sy ny antoko Tiako i Madagasikara. Misy ny fijerena ny ankizy mpianatra tamin'ny fanomezana fitaovam-pianarana. Ao ihany koa ny fampianarana maimaimpoana ireo tanora nanala fanadinana bakalorea. Ny faran'ny herinandro teo dia tanora Zanak' Ambohimanarina miisa 80 mianadahy no nahavita fiofanana FORMATION CALL CENTER andiany faha 2 ahafahana mahita asa hivelomana, ka notolorana attestation. Nanolotra izany tao antoerana ny solombavambahoaka Todisoa Andriamapandry sy ny biraon'ny DISTIM notarihiny filohany. Nandritra ny fandraisam-pitenenana nataon'ny solombavambahoaka Todisoa Andriamapandry no nisaorany sy nankasitrahana ireo mpampiofana sy mpiara miasa rehetra nahatontosàna izao fampiofanana tanora hiditra amin'ny sehatry ny asa izao. Mitohy hatrany hoy izy ny fanoanana anareo tanora eto Ambohimanarina tsy ankanavaka. Mirary ireo tanora ihany koa izy mba ho tafiditra amin' ny asa avokoa. Taorian'ny fanolorana ny marimpahaizana (attestation ) dia nisy ny fanapahana ny mofomamy sy fiarahana miala hetaheta vokatry ny hafaliana teo amin'ireo tanora sy ny depiote ary ny biraon'ny DISTIM boriborintany faha 6.

***Helisoa***